Appuyé par

# FIANTSOANA FANEHOAM-PAHAVONONANA

## Fikambanana/ firaisamonim-pirenena eny ifotony vonona hiantsehatra amin'ny tetikasa FIAM2 tohanan'ny FANAINGA +

### 1 Fampidirana

Ny tsy fahampian'ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra ary ny tsy fisian'ireo sehatra fankan-kevitra sy fifanakalozana eny anivon'ny fiarahamonina dia mampiraviravy tanana ny olompirenena, firaisamonim-pirenena ary indrindra ireo tanora handray anjara amin'ireo hetsika sy asam-pampandrosoana eo amin'ny sehatra nasionaly sy eny ifotony. Eo ihany koa ny tsy fahampian'ny fahaiza-manao entina mirotsaka antsehatra amin'ireo fanarahamaso sy fanaovana tombam-pitantana isan-tsokajiny. Noho izany, ny MSIS-Tatao ho fanatrarana ny tanjon'ny tetikasa FIAM2 na Fampandrosoana Iombonana ary Anaty Mangarahara an'I Madagasikara, izay manamafy ny fandraisan'andraikitry ny olompirenena, indrindra ireo tanora sy vehivavy amin'ny fitakiana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra, mba hisian'ny politikam-panjakana izay tena mamaly ireo filàn'ny vahoaka, na eny ifotony na amin'ny sehatra nasionaly, dia miantso ireo fikambanana/firaisamonim-pirenena vonona handray anjara amin'izany.

### 2 Tanjon'ny fiantsoana

Ity fiantsoana ity dia natao ho an'ireo fikambanana/firaisamonim-pirenena vonona hitondra anjara biriky amin'ny fametrahana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra eo anivon'ireo faritra sy kaominina iantsorohan'ny tetikasa FIAM2.

### 3 Asa iantsorohan'ny fikambanana/firaisamonim-pirenena

**Ireo fikambanana/firaisamonim-pirenena resy lahatra sy vonona hiasa an-tsitrapo dia hahazo tantsoroka ara-teknika sy fanamafisana fahaiza-manao entiny mandray andraikitra amin'ny:**

- Fanetsehana ny firaisamonim-pirenena sy ny olompirenena handray andraikitra ho amin'ny fitondrana mangarahara sy ny fampiharana ny tamberinandraikitra amin'ny fitantanana ny hoenti-manana ;
- Fanaovana tombana ny fitantanana eny ifotony indrindra ny mahakasika ny tetibola sy ireo famatsiambola eny anivon'ny kaominina ;
- Fandresen-dahatra ireo mpiantsehatra rehetra hampihatra ny fifampitondrana ifarimbonana sy mampiaty indrindra eny anivon'ireo sehatra fakan-kevitra sy fifampidinihana eny ifotony.
- Fifampizarana fahaiza-manao sy traikefa ;
- Fanantaterahana Haitaky iombonana ;
- Fanetsehana ireo fikambanana avy amin'ny firaisamonim-pirenena eny ifotony amin'izay asa tokony hifarimbonana ;
- Fampitana sy fifampizarana vaovao ara-potoana.

### 4 Fepetra takiana

<u>Ho an'ny fikambanana:</u>

Ny fikambanana /firaisamonim-pirenena rehetra, na inona na inona sehatra iasàny dia afaka maneho ny fahavononany hiara-hiasa amin'ny tetikasa FIAM2.

- Resy lahatra amin'ireo andraikitry ny firaisamonim-pirenena;

- Miorina sy miantsehatra eo amin'ny faritra/ kaominina iantsorohan'ny tetikasa FIAM2;
- Tsy manana fiandaniana ara- politika ;
- Fikambanana/ firaisamonim-pirenena efa nijoro herintaona farafahakeliny;
- Amporisihana manokana ireo fikambanan'ny olona miaina anaty fahasembanana na ireo misehatra amin'ny fanohanana ny sembana, ny fikambanan'ny tanora, ny fikambanam- behivavy, ireo fikambanana eny anivon'ny fiangonana ka mahafeno ireo fepetra ireo.

<u>Ho an'ny olona atolotra hisolo tena ny fikambanana, izay hiasa eo anivon'ny Kaominina misy azy</u>

- Mpikambana efa mpirotsaka antsitrapo mavitrika amin'ny fanantanterahana ny asan'ny fikambanana ;
- Vonona amin'ny fandraisana andraikitra ho fametrahana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra hisian'ny fampandrosoana maharitra sy ara-drariny ;
- Manana marimpahaizana BEPC farafahakeliny;
- Manana traikefa amin'ny fanaovana fanadihadiana sy tombana;
- Manana traikefa amin'ny fampiofanana sy fitarihana ;
- Tia mikaro-baovao sy manamarina izany ;
- Manana traikefa amin'ny fanentanana sy fanetsehana ny mpisehatra rehetra eny ifotony
- Manana finiavana handray anjara amin'ny fiainam-pirenena, mahalala tsara ny tontolon'ny fiarahamonim-pirenena ary tsara kokoa raha mahafehy ny zava-misy sy ny toe-karena ary ny fiarahamonina ao amin'ny kaominina iasany
- Amporisihina ireo tanora 35 taona no midina.

## 5 Faharetan'ny asa

Fifanarahana asa feno mandritray ny enim-bolana (06 mois)

## 6 Dingana arahana amin'ny firotsahana

Ireo fikambanana/firaisamonim-pirenena vonona ary mahafeno ireo fepetra voalaza etsy ambony dia asaina handefa taratasy fahavononana amin'ny mailaka recrutement.msistatao@gmail.com farafahatarany ny 21 Aogositra 2026 amin'ny 04:30 ora hariva.

(01) Taratasy manamarina sy milaza ny mombamomba ny fikambanana;
(01) Taratasy maneho ny fahavononana sy fandresen-dahatr'ilay mpikambana atolotra ;
(01) CV (Curriculum Vitae) na taratasy milaza ny mombamomba ilay mpikambana atolotra

Ireo izay mila fanazavàna fanampiny dia afaka mangataka ny rijan-teny fototra "Tompon'Andraikitry ny Kaominina" amin'ny mailaka recrutement.msistatao@gmail.com na ao amin'ny pejy msis-tatao.org/

**Soraty mazava tsara ny faritra/distrika/kaominina nihaviana**

## 7 Lisitr'ireo Kaominina voakasika

| REGION | DISTRICT | COMMUNE |
|---|---|---|
| ANALAMANGA | MANJAKANDRIANA | NANDIHIZANA CARION |
| | AMBOHIDRATRIMO | AMBOHIMANJAKA |
| | AMBOHIDRATRIMO | ANTANETIBE MAHAZAZA |
| | AMBOHIDRATRIMO | MAHITSY |
| | ATSIMONDRANO | SOALANDY |

| REGION | DISTRICT | COMMUNE |
|---|---|---|
| | ATSIMONDRANO | TANJOMBATO |
| | ATSIMONDRANO | TSIAFAHY |
| | ATSIMONDRANO | AMPITATAFIKA |
| | ATSIMONDRANO | ANKARAOBATO |
| | AMBOHIDRATRIMO | AMBOHITRIMANJAKA |
| | ATSIMONDRANO | ALAKAMISY FENOARIVO |
| | AVARADRANO | SABOTSY NAMEHANA |
| BETSIBOKA/BOENY | MAEVATANANA | MAHATSINJO |
| | AMBATOBOENY | ANDRANOFASIKA |
| | MAROVOAY | TSARARANO |
| | MAHAJANGA II | BELOBAKA |
| | MAHAJANGA I | CU MAHAJANGA |
| | MAROVOAY | MAROVOAY BANLIEUE |
| VAKINANKARATRA | ANTSIRABE II | AMBANO |
| | ANTSIRABE II | ANDRANOMANELATRA |
| | ANTSIRABE II | IBITY |
| | AMBATOLAMPY | ANDRIAMBILANY |
| | ANTSIRABE II | AMBOHIBARY |
| | ANTANIFOTSY | ANTANIFOTSY |
| | AMBATOLAMPY | BEHENJY |
| | AMBATOLAMPY | AMBATOLAMPY |
| | ANTANIFOTSY | AMBOHIMANDROSO |
| | ANTSIRABE II | MANDROSOHASINA |
| | ANTSIRABE II | MANGARANO |
| | ANTSIRABE II | AMBOHIDRANANDRIANA |